

Fiantsoana an'i Notre-Dame de Bonne Délivrance, Renin' ny Kristy Mpanavotra

Renin' Andriamanitra mendrika tsara Ianao,
ry Masina Maria Virjiny madio indrindra,
ka mba amindrao fo izahay.

Henoy ny antsonay ary ampahazoy anay
ny fahasalamana angatahinay amin' llay
Zanakao malalanao, dia i Jesoa Kristy Tompo.

Mila tanjaka ny tenanay,
mila hery ny fanahinay,
hoentinay hampiely ny lazan'i Kristy
sy hahatratra ny valisoa mandrakizay.

Be ny anarana soa sahaza anao
ka avelan' ny Tompo hampiasainay
kristianina mazoto manaja anao.

NOTRE-DAME DE BONNE DELIVRANCE,
Andriambavy mahafaka soa aman-tsara
amin' izay rofy rehetra manjo anay
no iantsoanay anao androany.

Fo matoky, fo manetry tena hoentinay
hanambara aminao ny fahasahirananay :
vonjeo izahay, fa mila ho kivy !

Miandry hovotsorana hadisoana izahay,
ka omeo henatra, nenina ary famelana !

Raisinay ho adidy ny mampandre hatraiza hatraiza
fa anananao fahefana ny Fon' ny Zanakao :
firifiry moa ny mpanota nampodiniao tamin' ny lalam-pamonjena ;
firifiry ny marary narian' ny mpitsabo
nefa naveriniao soa aman-tsara tamin' ny ankohonany,
ary ny olomarina narovanao
tamin' ny fahakiviana sy ny fahasimbana !

Tsy mbola re fa natosikao
ny olona niantso anao amim-panetren-tena,
na dia faran' izay ratsy aza ny otany.

Velom-panantenana izahay, ry Virjiny Masina,
fa ho tanteraka ny soa angatahinay :
afaho aminay izay rehetra mahasimba ny ainay,
na ara-nofo, na ara-tsaina, na ara-panahy.

Farany, ny Tenanao anie homba anay amin' ny fiainanay
ary hanatrika anay amin' ny ora hahafatesanay !
Amena !